

## VII.

# **ANGANO, ANGANO...**

# **ARIRA, ARIRA...**



## Ralolo sy Rabibintsaonjo

Avy nitsakotsako ravin-tsaonjo Rabibintsaonjo, ka natoritory nitanin'andro teo ambony ravina ihany. Nanidintsidina teny ho eny kosa Ralolo ary nipetraka teo akaikin-dRabibintsaonjo indrina.

Nanaitra an-dRabiby ny fipetrak'i Ralolo, na dia malemilemy ihany aza. Natahotra izy nahita ny fivelatry ny ela-dRalolo, sy ny fahalavan'ny tongony. Ndeha handositra arakizay mba afaky ny tongony botry izy.

— Aza matahotra Razandry hoy Ralolo fa tsy haninona anao aho akory. Aiza ny raiamandreninao ?

— Tsy hitako izy Tompoko ary tsy fantattro. Misaotra an'Andriamanitra aho fa mahavelona ny tenako na dia kamboty aza. Sendra ity fototsaonjo ity aho ka nahita hanina tsy lany lanina.


— Mpihavana isika, ary izao no anjarantsika. Toa anao koa izaho fahiny, biby nandady, tsy nanana elatra ary nitsako ravin-kazo. Nony efa lehibe aho, dia natory andro maromaro ary niova be nony taitra avy eo : nihafohy ny tenako, naniry ireto elatro tsara tarehy ireto ary tsy tia ravinjavatra intsony fa mitsentsitra ny ranomamin'ny voninkazo, sady natsotrany ny vavany maranitra.

— Marina ve izany ?

— Ho hitanao ange, ary hifankahita isika any aoriana any. Veloma mandrapihaona.

**Hazavao :** botry — tsy lany lanina

**Ohabolana :** Biby tsy mandeha tsy ny lohany.



## Ralolo sy Rabibintsaonjo (tohiny)

Verivery saina Rabibintsaonjo nandre izay nolazain-dRalolo. Vazivazy ratsy anesoany ahy izany. Aiza izaho mandadilady ity ve no ho zary hanana elatra hanidina, sady ho tonga tsara tarehy ?

Saika tezitra tamin-dRalolo izy, nefo nahatsiaro noana ka namonjy ny sisin'ny ravintsaonjo ho tsakoina.

Lasa ny andro, lasa ny alina. Tsaroany niova ny fahasalamany. Toa navesabesatra : tsy te-hisakafo intsony. Sorisorena : nahatsiaro nangatsiaka mafy. Nidina avy eny ambony saonjo izy dia nanatona ny tany. Nitombo niha-nangatsiaka ihany izy. Nihady lavaka hitambolenany izy, ary teo vao mba nahatsiaro hafanana. Niha-maivamaivana izy, ary rendremana. Dia raiki-tory.

Asa na hafiriana izy no natoy, Fa nony taitra avy eo izy dia nahatsiaro sempotra. Nioitra izy nivoaka, nisy akora toa namatotra azy. Niezahany indray mientana, dia nitriatra.

Nivoaka avy ao izy ka akory ny hagagany, naniry elatra maitso efatra tsara tarehy izy. Nihalava ny tongony enina, ary nihintsana ny nifiny rehetra ka fantsona kely toa fanjaitra, sady azo ahorona no mety hitsotra no solony.

Nanidina izy ary tsaroany ilay resaka tamin-dRalolo.

**Hazavao :** verivery saina — anesoana — zary — sorisorena — hitambolenany — rendremana — akora — mientana

**Ohabolana :** Aza hendry anatiny tahaka toy ny samoina, ka raha mivoaka afatotry ny sasany.



## Anatr'Ineny

Nifamaly mafy izaho sy Inaivo. Nindrana ny bisikilety aho, nefanilaza izy fa handeha hividy kahie indrindra.

— Rehefa tafaverina aho, hoy izy, mandeha mitaingina hianao.  
— Andao hiaraka, hoy aho, hanao taingin-droa.  
— Tsy azo atao izany, satria zavatra andraran'Ineny antsika hatrany hatrany.

— Hitsoaka tsy ho hitany isika.

Io no nahatonga fifamaliana mafy, saika tonga ady aza.

Nandre Ineny ka nitsidika teo am-baravarankely no niteny hoe :

— Inona izany ifamalianareo izany ?

Voatery tsy maintsy nilaza taminy ny marina izahay.

Avia hianareo roalahy.

— Hay izao no toetrareo, ry Imaro ? mantsy ahy. Rehefa tsy eo imaso dia mihevitra fa azo atao na dia izay voarara aza ? Tandremo fa miandoha toy izany ny fahadiran'ny zaza. Mankato eo imaso nefanilaza mandika rehefa takona. Tsy matahotra intsony amin'ny farany, fa na eo imaso, na takona, dia manao izay tsy tokony hatao rehetra.

Tsy nahateny tsy nahavolana aho aloha, na efa tapitra aza ny tenin'Ineny. Nifona tamin'Ineny aho, fa tsy hanindroa tsy hanintelo. Nasaiko nandeha Inaivo nony tafavoaka izahay.

Tsy nampaninona ahy ny tsy nitaingina bisikilety androtr'iny !

**Hazavao :** taingin-droa — hitsoaka — mantsy ahy — imaso — tsy hanindroa tsy hanintelo — tsy nahateny tsy nahavolana

**Ohabolana :** Ny anetry ny raiamandreny toy ny tsipak'ombilahy, raha mahasoa, mahafaty, raha tsy mahavoa, mahafanina.



## Tsimbotry niaraka ihany...

Nijery an-dRalahy nanao latabatra tao an-trano fiasany aho. Nisy olondehibe niresaka taminy, sakaizany hatramin'ny fahazaza angamba.

— Dia izany fitopolo izany ve vao mahavita sezà anankiray, hoy ilay olona ?

— Hianao aza no anaovako izany, fa valopolo no tena vidiny raha hazo ala na kininina, sivifolo ny varongy ary roapoloo amby zato ny voamboana. Tsy tiako mantsy ny hataonao ho : « Tsimbotry niaraka ihany ka adrissa vao hifanary ».

Tsy andriko ny hahita an'Idada hanontany azy izany fiteny izany.

— Tsimbotry no anaran'ny adrissa mbola kely tsy manana elatra. Miara-dàlana ny tsimbotry indray foy, ary mitangorongorona hatrany; izay alehan'ny iray alehan'izy rehetra. Rehefa ary elatra kosa izy ka afaka manidina, dia misara-dàlana ka samy manidina manaraka ny sitrapony. Mifanadino ary samy mihevitra ny tenany.

Ny olona mifankatia sy miaraka am-boalohany nefà mifandao rehefa avy eo no lazaina hoe : « Tsimbotry niaraka ihany, ka adrissa vao hifanary ».

**Hazavao :** hazo ala — varongy — voamboana —  
tsimbotry — adrissa — ary elatra

**Ohabolana :** Tsy mety raha manome toky an-kamorana, ka manary  
aminkasarotana.




## **Ny renintantely sy ny lolo**

Nifanena teo amin'ny voninkazo anankiray hono ny renintantely anankiray sy ny lolo, ka nifamantatra aloha. Nifampiarahaba anefa nony afaka kelikely.

- Ndeha ho aiza izato izy, hoy ny lolo.
- Hiremby aho, hoy ny renintantely. Mamonjivonjy ihany satria efa akaiky ny ririnina fihintsanan'ny voninkazo, ka sao matimosary izahay mianakavy.
- Hiremby ahoana izany, ary hianareo mianakavy ahoana ?
- Alinkisa izahay no iray trano. Zarazaraina ny raharaha ka isan'ny mpiremby aho, mitady sakafo ho tehirizina ao antsompitra ho haninay mianakavy. Vovomalemy amin'ny voninkazo no raofina taomina sy ahodina ho tonga tantely. Jereo ireto vovoka vonivony amin'ny feko ireto.
- Variana ny lolo nandre izany zava-baovao izany. Izaho, hoy izy, dia mikatsaka ranomboninkazo. Tsentsefiko ireo ary rehefa voky aho dia manidintsidina. Isaky ny noana aho vao mitady ary tsy manam-ponenana. Izay mahariva ny andro no atoriako. Tsy manana havana koa, fa izaho irery. Toa nalahelo izy nilaza izany.
- Tsy misy tokony hampalahelo anao satria samy manana ny fomba sy ny mahazatra avy isika.

**Hazavao :** nifamantatra — alinkisa — vovomalemy — ahodina — mikatsaka

**Ohabolana :** Lambo soso-nify, netin-paharazana.



## Ny vitsika sy ny jorery

— Biby inona moa izany jorery izany ry Ineny fa notantainy mpampianatra taminay ?

— Biby manana elatra toy ny valala sy angidina izy, maneno mafy mankarenina, ary betsaka any an'ala na any ambavala.

— Nisy hono jorery variana nihirahira tamin'ny fotoam-piasana. Ny vitsika kosa hono tsy nijanona nanangona sy nampirina vokatra, ho hanina amin'ny ririnina.

Tonga tokoa ny ririnina. Tsy nanan-kohanina ny jorery ka lasa nanatona ny vitsika mba hisambotra sakafokely.

— Nanao inona hianao tamin'ny taom-pahavokarana ? hoy ny vitsika.

— Diso dia diso aho, hoy ny famalin'ny jorery. Variana nihira lava teny aho.


— Nihira hoe ? ka mandihiza ary izao ê !

Mampalahelo ny jorery, ary tena ratsy fanahy ilay vitsika, hoy ny famaranan'Isoa ny tantara. Fantatro iny tantara iny hoy Idada. Tsy voalazan'ny tantara nianaranareo ny tohiny. Fa nisy vitsika hafa nampandroso ny jorery sy nanome sakafokely, ary nanasa azy hipetraka tao aminy mandritry ny ririnina.

— Mihirahirà mba mamalifaly ity tranoko ity; izany no mba valisoa angatahiko aminao, hoy Ravitsika tsara fanahy.

**Hazavao :** jorery — ambavala — hisambotra — taom-pahavokarana

**Ohabolana :** Izay tsy mahay sobiky mahay fatam-bary.



## Niandry vahiny tsy tonga

Nandefa taratasy Ramalaza niara-nianatra tamiko fa hifindra any Tolera, ka handalo eto amintsika. Izany no tenin'Idada taminay teo am-pisakafoana.


- Niara-nianatra taminao ? Ary manao raharaha inona ?
- Mpiasam-panjakana izy. Amin'ny zoma ho avy izao no handalo. Tsy fantatro velively ny isan'izy mianakavy ho tonga.

Niomana tokoa izahay tamin'ny andro voalaza hahatongavany. Namboarana fandriana tao amin'ny efitra lehibe izahay telo mirahalahy, fa izy roa vavy kely tao amin'ny efitry ry Ineny ihany. Namboarina ho an-dRamalaza mianakavy ny efitray ankizy rehetra.

Nifidianan'Ineny izay matavy sy lehibe tsara ny vorontsiloza. Nisy laoka hafa koa nahandroina : tsy fantatra manko, hoy Ineny, ka aleo manana amby toy izay tsy ampy ny sakafo. Ny vilany no natao fetran'ny vary natokona.

**Hazavao :** namboarina — namboarana — nahandroina

**Ohabolana :** Nanasa vahiny tsy tonga : sady voky no afaka adidy.



## Niandry vahiny tsy tonga (tohiny)

Vonona ny zavatra rehetra. Ry Ramalaza sisa andrasana! Nandrasana, nandrasana, tsy nisy tonga! Nandroso ho alina ny andro.

— Andao hisakafo isika, hoy Idada, sao dia mandry tsy mihinana ny ankizy. He ireto izy efa ho renoka daholo. Saronana tsara ny an'ny vahiny.

Nisakafo tsy rangaranga izahay, satria toa ho tonga ihany izato nandrasana.

Lany ny sakaf. Samy namonjy fandriana. Maraina ny andro. Tsy tonga mihitsy rizareo.

Ny alahady maraina vao nahazo telegrama fialan-tsiny Idada. Tsy nampoiziny hono ho avion no hitondra azy, ka niala tany Tananarivo dia any Tolera. Niandry vahiny tsy tonga, hoy Idada, ka sady voky no afaka adidy.

**Hazavao** : fetran'ny vary — tsy rangaranga

**Ohabolana** : Tsy mahita izay hatao toy ny vahiny : hikarakara, tsy tompon-trano, hipetraka ihany, olon-koman-kanina.



## Mamono antoka ny hevipetsy

Tonga jamba hono ny ombin-tsaretin'dRadalo, ka nahita hevitra hahalafosany azy izy.

Nanao filazana izy fa manana omby, amidiny mora noho ny fahasahiranany.

Avy Rabe hividy. Vita ny ady varotra ary faly Rabe nitarika ny omby tamin'ny tady.

Vao lasa kelikely anefa izy dia notsenain'olona nanontany azy :

— Tsy ny ombin-dRadalo ve ity lasanao ity ?

— Tsy fantatro na Radalo no anaran'ny olona nividianako azy, fa mora tokoa izy ity.

— Ka aiza no tsy ho mora : Omby jamba !

— Taitra Rabe, nandinika ny mason'ny omby. Tezitra izy ka niverina tany amin-dRadalo.

— Mpamitaka hianao. Omby jamba no namidinao tamiko. Avereno ny volako.


— Angaha hianao nividy omby tanaty ambiaty. Nijery sy nanombana hianao, hoy Radalo. Ary omby tsy misy kilemany ve hataoko mora toy io. Varo-draikitra ny antsika.

Nifamaly teo, nefy nony farany, dia niteny Radalo hoe : Have-riko ny volanao, raha ahena dimam-polo ariary, vidin'ny fitsoahanao.

Faly Rabe satria roa arivo ihenana dimam-polo, tsy dia fahavoazana manahoana.

**Hazavao :** hevipetsy — hahalafosana — tsenaina — ambiaty — manombana — varo-draikitra — fitsoahana — ahena, ihenana

**Ohabolana :** Manao ho katsaka, ka ladin'ny tsaramaso.



## Mamono antoka ny hevipetsy (tohiny)

Mbola nifanena tamin'ilay nilaza taminy ny fahajamban'ny omby Rabe. Nangataka valisoa io ny amin'ny nilazana ny kileman'ny omby. Nomen-dRabe roapolo fa nisoroka ny fahavoazana saiky nihatra taminy.

Mpividy efatra no voan-dRadalo toa an-dRabe : Mandraikitra ny varotra, dia ilazan'olona fa nividy omby jamba. Mangataka hamerina ny varotra, nefo tsy afa-maina fa maty dimam-polo lasan-dRadalo, ary roa-polo omena ilay mpanoro ny kileman'ny omby.

Ranaivo dia nandre ny tantaran-dRadalo. Nieritreritra izy ary azony an-tsaina ny hevipetsin-dRadalo sy ny namany.

Lasa izy nanatona ny tompon'omby. Niady mafy izy ka sivan-jato sy arivo no nahazoany ny omby.

Tonga ilay mpilaza ny marina :

Omby jamba ity novidinao ity!

— Ka maninona hoy Ranaivo ? Fantattro izany.

— Ilay nihevitra ho nanao soa indray no taitra. Tsy hita ny nanjavonany vetivety teo.

Nitarika ny ombiny Ranaivo... ary ity sempotra nanaraka azy Radalo avy ato aoriana.

**Hazavao** : nisoroka — mandraikitra — maty dimam-polo —  
niady mafy izy — nanjavana, nanjavonany

**Ohabolana** : Tandremo, fa sao maka afo hanetroka ny tena !



## Mamono antoka ny hevipetsy (tohiny)

Nieritreritra aho hoy Radalo, ka sao manody ahy fa omby jamba anie ity, ka indro ny volanao.

— Fantattro tokoa fa jamba, satria nolazain'ilay namanao ahy.

Takatro ny hevitrareo roa lahy : Hianao mivarotra, izy milaza amin'ny mpividy, izay mangataka hiverenan'ny volany. Nefa tsy afa-maina fa ahazoanao dimam-polo miampy izay valisoa omen'ny mpividy ity nama-ratsinao.

Ka raha misy olona tonga sy maharaikitra ny varotra indray mandeha isan'andro dia vola be no azonareo roa lahy maina.

Nataonareo filam-bola mihitsy ity.


Tsy averiko ny omby raha tsy tongavinao telon-jato sy roa arivo ny volako. Ary tsy vitan'ny hoe tsy mamerina fotsiny aho fa ho toriko hianareo roa lahy.

Sendra ny fetsy noho izy Radalo, ka hany hery namerina ny sivan-jato sy arivon'olona sady nanampy efa-jato.

Toy ny vary aloha ny hafetsena : mahatra-po fa tsy mahavita taona.

**Hazavao :** Manody — nama-ratsinao — filam-bola — tongavina — torina

**Ohabolana :** Izay mamafy rivotra, dia mijinja tadio.



## Ny renintantely sy ny lalimanga

Nahita masontantely feno mamy tao anaty hazo boboka hono ireto lalimanga iray tarika, ka avy hatrany dia nivolon-ko tompony ka nitsentsitra teo mandra-pahavokiny.

Tonga ny renintantely avy nirembry, ary gaga nahita ireto vahiny mangamanga nameno trano.

— Aza fady Tompoko, hoy ny anankiray tamin'izireo, Manao inona ato moa hianareo fa tonga izahay tompon-trano ?

— Tompon-trano taiza ? Tany foana no novantaninay, ary tranonay ity.

— Anay tompoko, ary izahay no nanao ny tantely.

— Tsy marina izany, fa izahay no nanangona azy.

Tonga tany amin'ny manampahefana ny adin'izy roa tonta izay samy milaza ho tompon'ny tantely.


Sanganehana ny mpitsara. Nefa nony farany dia hoy ny renintantely :

— Vavolombelon'ny mpiasa Tompoko ny bainga. Aoka samy hanao izahay, ka raha samy mahavita moa, dia an-dry zareo efa eo an-toerana izany ny trano sy izay ao anatiny.

Vao naheno izany ny lalimanga dia nifampijery sy nisafosafloha ary nisintonia tsirairay.

**Hazavao** : Masontantely — nivolon-ko tompony —  
manampahefana — nisintonia

**Ohabolana** : Vavolombelon'ny mpiasa ny bainga.



## Ny hala sy ny valala

Hala ngezabe, lava tongotra sady montomaso Rabekibo. Mivelatra andro aman'alina ny haratony, ka izay bibikely sehatra eo dia miraikitra. Mikofokofoka, nefo vao mainka mamatoatra azy Rabekibo. Farany, tsy afaka mihetsika intsony. Ary dia mihinana miadana Rabekibo.

Ratsindakana valala vao, saingona, no nahahitsaka ny harato indray mandeha. Gaga izy amin'izato kofehy madity mipetaka amin'ny tongony.

Namonjy haingana Rabekibo, niarahaba sady naka resaka, fa natahotra sao ravan-dRatsindakana ny haratony.

— Inona anefa ireto tady maditidity maningotsingotra ahy ireto, nefo tsy mampaninona anao ?

— F... Fandrika io, Tompoko.

— Fandrika ? Fandrika inona ?

— Fandrika akàna sakafô ê. Itsy akaiky itsy ny tranoko, ary ao ihany aho no mitazana ny remby mandalo. Raha vao manitsaka eto dia azoko.

Tezitra Ratsindakana : Hay entinao hamitahana ! Sady fitahinao no haninao. Sady kamo hianao no ratsy fanahy. Tsy mba mandeha mikaroka izay ho hanina fa dia miandry fotsiny.

Nitsipaka in-telo monja Ratsindakana dia naito avokoa ny kofehy ary rava ilay harato. Namonjy niditra Rabekibo ary lasa nanidina Ratsindakana.

**Hazavao :** hala — montomaso — Ratsindakana — valala vao — Nahahitsaka — madity — maningotra — maningotsingotra — naito

**Ohabolana :** Aza manao longoa mitototra bozaka.



## Tsy nampoizina

Niara-nivahiny tany an-tany lavitra Rakotobe sy Ralaivao.

Diso lalana izy, ary nivezivezy ela tany anaty ala, vao nahita trano tokana. Voatery nangataka handroso. Malaza ho be olon-dratsy anefa io toerana io. Niditra izy roa lahy ary mahimahina nahita izato tompon-trano toa masiaka endrika avokoa ary natazana ny antsibe sy famaky mihantokantona eran'ny trano.

Nihatsara ihany ny resaka nony efa nifanantsafa, ary nanao sakafotsara ho an'ny vahiny ny tompon-trano.

Tany amin'ny farany ambony no namboarana fandriana izy roa lahy ary nomen-dRalaivao hatao ondana ny kitapony. Nisy tsorian-kenan-kisoa nihantona tao.

— Tsy mila ondana hafa noho iny ondana iny aho, hoy izy, satria manko ao ny vola vatsiko rehetra.

— Tsy nahita tory mihitsy Rakotobe. Nony efa nadiva ho maraina, dia taitra izy nandre olona nifamaly teny malemy hoe :

— « Ho vonoina daholo ve izy roa ? »

— « Eny ».

**Hazavao :** olon-dratsy — mahimahina — nifanantsafa —  
farany ambony — tsorian-kenan-kisoa

**Ohabolana :** Vilany misarona toa misy laoka, ambadiky ny bonga toa misy tafika.



## Tsy nampoizina (tohiny)

An-tenda ny ainy. Tsy nahita izay hataony, satria injay nisy olona nitsaisaika niakatra, nitondra jiro.

Niandry izay hitranga tamin-tebiteby lehibe Rakotobe, ary tsy sahy namoha an-dRalaivao izay niesona be toy ny tafoforana.

Niditra ilay olona nitondra antsibe.

— Anio no fara-fainana, hoy Rakotobe nody natory nefà nanokatra mora ny masonry.

Kanjo... nandidy kely tamin'ilay hena mihantona ilay olona, dia nitsaisaika niverina toy ny tsy teo.

Maraina ny andro. Namoha azy ny tompon-trano ary nilaza fa vonona ny sakafô.

Nataonay sakafô mahavita antoandro, hoy izireo : Vorona ny laoka.

Nony nisaraka, dia notoloran'ny tompon-trano vorona ladobo, hatao vatsy. Nisaotsaotra ery Rakotobe sy Ralaivao, indrindra ange fa Rakotobe, satria izay vao nazava tao an-tsainy ilay hoe :

— « Ho vonoina daholo izy roa ? »

Hay vorona io!

**Hazavao** : miesona — tafoforana — ladobo

**Ohabolana** : Ny hevitra tsy azo mampihazohazo.